# TATITRA AN-GAZETY

# FANOLORANA OFISIALY FAMPITAOVANA

Ny Fandaharan'asa FANARENANA amin'ny alalan'ny Tetik'asa MIKOLO AINA dia
**« manolotra fampitaovana mba ho fanatsarana ny asa fandraharahana ny fonja eo anivon'ny fitaleavam-paritry ny fandraharahana ny fonja « ANALAMANGA »**

Tontosa ny alarobia faha 29 novambra 2023, tamin'ny fomba ofisialy teto anivon'ny fitaleavamparitry ny fandraharana ny fonja faritra Analamanga ny fanolorana fampitaovana avy tamin'ny tetik'asa « Mikolo aina » / Fandaharan'asa Fanarenana.

**Ny Ministeran'ny Fitsarana**, amin'ny alalan'ny **Fandaharan'asa FANARENANA** dia mikendry tanjona toy izao manaraka izao :

- Fanatsarana ny toem-piainan'ireo voafonja ;
- Fanatsarana ny farim-piainana sy ny fanomanana ny fiverenan'ireo voafonja eny anivon'ny fiaramonina.
- Fanatevenana traikefa sy ny fitantanana momba ny fandraharahana ny fonja sy ny fitantanana eo anivon'ireo toeram-pamonjana ;
- Miahy sy mandrindra ary manara-maso ny fanatanterahana ireo lamin'asa napetraka.

Arak'izany ny Programan'asa FANARENANA dia nametraka ny vina ho fanatsarana ny fiaimpiainan'ireo voafonja, ny fanomanana ny fiverenan'izy ireo eny anivon'ny fiarahamonina **ary koa ny fanatsarana ny sehatr'asan'ireo mpandraharahan'ny fonja**. Koa mba ho fanatanterahana ity voalaza farany eto ity indrindra no nahatongavana amin'izao fanolorana fampitaovana ho an'ny fitaleavam-paritry ny fandraharahana ny fonja Analamanga, ny fonjaben'Antananarivo ary ny Akany fitaizana zaza eny Mandrosoa.

**Ny tetikasa MIKOLO AINA** moa dia manana lohahevitra telo lehibe, dia ny fandraisana an-tanana ny fahasalaman'ireo voafonja, **fanomanana arak'asa** mba ho an'ny fiverenan'ireo voafonja eny anivon'ny fiarahamonina, ary ny **fanatsarana ny sehatr'asa sy ireo fitaova-**

**mpiasana am-pelatanan'ny mpandraharahan'ny fonja.** Koa izao fanolorana fampitaovana, etoana izao dia miompana indrindra amin'io lohahevitra fahatelo io.

**Tanjona amin'ny fanolorana fampitaovana :** mba ho fanamorana ny fanatanterahana ny asa ho an'ireo Mpandraharaha ny fonja.

**Ireo fampitaovana natolotra : 10 packs d'ordinateurs de bureau complets ; 10 onduleurs ; 05 imprimantes ; ; 04 batteries solaires de 200A et 04 panneaux solaires ; 50 Lampes de poches ; 30 Lampadaires solaires ; 10 détecteurs de métaux ; 21 talkies walkies ; 10 armoires métalliques ; 12 chaises visiteurs ; 10 Tables de bureau, et 50 habillements imperméables**.

**Mpisitraka ny fampitaovana :** ny fitaleavam-paritry ny Fandraharanana ny Fonja Analamanga, ny Fonjaben'Antananrivoa ary ny Akany fitaizana zaza eny Mandrosoa.

**Tompon'andraikitra hanatontosa ny fanolorana :** Andriamatoa Talém-paritry ny Fandraharahana ny Fonja ANALAMANGA, Ramatoa Mpandrindra ny Fandaharan'asa FANARENANA/Ministeran'ny Fitsarana, ny Lehiben'ny Tetik'asa MIKOLO AINA.

Fanampim-panazavana :
http://www.douleur.org
http://www.justice.mg/?pageid=88
www.afd.fr